“Fa toy izao no nitiavan’Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay” (Jaona 3. 16).

Nivandravandra i Jaona.

– Vakio indray mandeha hoe !

Niezaka tsy hitomany i Zaka, namerina ireo teny manome aina. Nisoritra teny amin’ny endrik’i Jaona ny fiadanana nony niteny moramora izy hoe : “Izay rehetra mino”. Fotoana fohy taorianan’izay dia namiratra ny tavany. Nitsiky izy sady nibitsika hoe : “Mino aho”, dia afaka ny ainy: nandao ny sahan’ady izy mba ho any amin’i Kristy ! Nahita ny lalana mankany an-danitra i Jaona tamin’ny minitra farany.

Aza mangataka andro

Izaho koa, tamin’ny nanao ny raharaha miaramila, dia nahalala fa Jesosy Kristy no hany lalana mankany an-danitra. Hoy Izy : “Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana”. Ary koa hoe: “Izaho no vavahady; raha Izaho no hidiran’ny olona, dia hovonjena izy” (Jaona 14. 6; 10. 9).

Ny Baiboly dia milaza —ary tsy misy isalasalana— hoe : “Tsy misy anarana hafa ambanin’ny lanitra... izay hahazoantsika famonjena” (Asan’ny Apostoly 4. 12). Ary koa hoe : “Izay mino ny Zanaka (Zanak’Andriamanitra) manana fiainana mandrakizay” (Jaona 3. 36).

Tsy misy afa-tsy lalana iray ihany no mitondra any an-danitra. Aza miandry ny fotoana hahafatesanao vao handray an’i Jesosy ho Mpamonjy anao. Mety tsy hanana fotoana tsara toa an’i Jaona ianao.

“Mitadiava an’i Jehovah, dieny mbola hita Izy” (Isaia 55. 6).

“Raha manaiky an’i Jesosy ho Tompo amin’ny vavanao ianao ary mino amin’ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin’ny maty, dia hovonjena ianao” (Romana 10. 9).

Bibliothèque chrétienne Madagascar
email : bibliothequechretienne@gmail.com
Antananarivo – Tél. : 033 15 552 35
Librairie Ny Mpamafy – Tél. : 034 14 552 35

Antsirabe – Tél. : 033 16 552 35
Tölagnaro – Tél. : 033 21 236 44
Toamasina – Tél. : 033 06 655 30

EBLC

Miaramila efa ho faty nefa nahita FIAINANA

Miaramila / Soldat.indd 1

French title : « Un soldat mourant trouve la vie » - Front 29.05.13 16:17

– Voatifitra i Jaona, lavo izy ! hoy ny hiakan'i Zaka. Hitany fa mahafaty ny ratra nahazo an'i Jaona.

Tany Frantsa, nandritra ny Ady Lehibe Voalohany, tany anaty hady, no niseho ny tantara. Nangotraka ny ady. Niezaka ny hanajanona ny fijininikan'ny ran'ny namany i Zaka, kanjo nahare azy tampoka niteny hoe : "Afaka manoro ahy ny lalana mankany an-danitra ve ianao ?"

Ny fanontaniana

Niondrika teo amin'ilay naratra i Zaka.

– Malahelo aho, ry Jaona, tsy fantatro ny lalana. Fa ndeha hanontaniako ny sasany.

Lasa nihazakazaka nanaraka ny hady izy, nanontany ny miaramila teo, nefa tsy nisy na iray aza afaka namaly azy.

Nampitaina misesisesy tamin'ny miaramila enina ambin'ny folo ny fanontaniana. Tsy nisy na dia iray tamin'ireo aza, nahalala ny lalana mankany an-danitra. Eritrereto anie e! Ireo miaramila tanora ireo, avy amina tany lazaina fa "kristiana", dia tsy afaka nanampy ny namany efa ho faty. Mitatao amin'izy rehetra ny fahafatesana, nefa na dia iray aza tsy misy mahafantatra ny lalana mankany an-danitra !

Rehefa akaiky ho faty an'ady ny olona iray, dia mila mahafantatra ny marina. Ny eritreritsika, na tsoa-kevitra, na tombantombana, dia tsy misy ilàna azy na dia kely aza. Ny asa soa, ny batemy, ny konfirmasiona, ny komonio sy ny asa fivalozana dia tsy afaka manampy an'i Jaona izay efa ho faty any anaty lavaka iray any Frantsa. Mpamonjy Iray no tena ilainy.

Mba ho afaka nanoro an'i Jaona ny lalana mankany an-danitra ve ianao ? Mba ho nahay nanokatra ny Baiboly sy nanazava taminy ny drafitr'Andriamanitra momba ny famonjena ve ? Voalaza amin'ny teny mazava ao izany. Fa fantatrao ve hoe aiza ho aiza ao ?

Ny valiny

Tao anaty hady dia niampitampita ihany ny fanontaniana : "Ho faty i Jaona ka te hahalala ny lalana mankany an-danitra. Iza no afaka manoro izany azy ?" Farany dia nisy miaramila iray namaly hoe :

– Fantatro ny lalana, nefa tsy afaka mandao ny toerako aho.

Navoakany avy tao am-paosiny ny Baiboly kely iray, nosokafany dia hoy izy :

– Vakio amin'i Jaona ity andalana ity. Asaivo mihaino tsara izy. Io no lalana mankany an-danitra.

Vetivety foana ny hafatra sy ny Baiboly dia tonga tany amin'i Zaka, izay niverina nankeny amin'ilay namany.

– Atỳ amiko ny valiny, ry Jaona. Henoy tsara. Izao no lalana mankany an-danitra :